“Raha mifoha amin’ny torimasony ny anankiray aminareo, dia aoka izy hitsoka ny orony (manadio ny orona) intelo, fa i Satana mandry eo am-bavorony mandritra ny alina”

Tatitra avy tamin'i Abo Horaira (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Raha mifoha amin’ny torimasony ny anankiray aminareo, dia aoka izy hitsoka ny orony (manadio ny orona) intelo, fa i Satana mandry eo am-bavorony mandritra ny alina”.
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Mamporisika izay mifoha amin'ny torimasony i Mpaminany (S.A.W) mba hitsoka ny orony intelo. Ny fitsohana ny orona dia midika ho famoahana rano avy ao amin'ny orona rehefa avy nampidirina, satria i Satana dia mandany ny alina eo amin'ny vavorona - izany hoe ny orona manontolo -.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/8377